# TORITENY - ALAHADY faha-23 TSOTRA - TAONA D 2025



***Na iza na iza tsy mahafoy izay rehetra ananany dia tsy mendrika ho mpianatro.***

Ry kristianina havana, raha tamin'ny Alahady lasa teo nampisongadina fa raha te-hiditra ho anisan'ny fianakaviamben'Andriamanitra isika, ho olo araiky ao aminy ho Fratelli Tutti ka Mpiray Tampo ao Aminy dia tsy maintsy manahaka an'i Jesoa, Izy izay Andriamanitra dia nanaiky nanetry tena nidina farany ambany hoy Md Paoly ao amin'ny taratasy ho an'ny Filipiana. Natitranterintsika fa tsy maintsy manana fanetren-tena sy halemem-panahy ary fahatsorana isika ary izany no fanahafana an'i Kristy.

Amin'izao Alahady faha-23 mandavantaona izao dia miombona amin'ireo any Roma miatrika ny fanambarana ho Olomasina an'i Carlo Acutis sy Pier Giorgio Frassati isika, noraisin'i Papa François ho modely sy mpivavaka ho an'ny tanora amin'izao taon-jobily izao. I Carlo Acutis ilay nolazaina ho Apostolin'ny tontolo mpikirakira ny saina noforonina (inteligence articielle) ka nampiasa izany nitorina ny Vaovao Mahafaly fa indrindra ny Eokaristia ka nahatonga azy nilaza fa ny Eokaristia no lalana migodana mitondra any andanitra…

Vakiteny I : Fah. 9, 13-18
Salamo : Sal. 89
Vakiteny II : Filem. 9b-10. 12-17
Evanjely : Lk. 14, 25-33

Torak'izany koa i Pier Goegio Frassati izay tanora nifanojo tamin'i Jesoa ka nanompo azy fa indrindra ny mahantra, tanatin'ny fanetren-tena tanteraka izany hany ka tsy nisy nahafantatra raha tsy tamin'ny andro fandevenana rehefa tonga marobe ireo mahantra niara-nisaotra an'Andriamanitra. Izy no nilaza hoe : "Mamangy ahy isa-maraina i Jesoa amin'ny komonio masina ary maniraka ahy hamangy ireo mahantra manodidina…" Enga anie noho ny vavaka ataon'ireo olomasina ireo mba hanahaka an'I Kristy isika ka ho tanteraka amintsika tokoa ny foto-kevitra amin'izao alahady izao : "Izay tia mahafoy". Mitaky fanetren-tena sy halemem-panahy ny fanarahan-dia an'I Jesoa. Izy I Jesoa rahateo nampianatra antsika fa raha te-hiditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra isika dia tsy maintsy manana ny toetran'ny tsaiky madinika dia tsy inona fa ny fanetren-tena sy

halemem-panahy.
Toetra anankiray ambaran'i Jesoa koa amin'izao Alahady izao dia ny fahafoizana, tsy hanana an'izay toetra izay isika raha tsy manetry tena sy malemy fanahy ary feno fahatsorana. Izay tia dia mahafoy hoy i Jesoa. Toetra lehibe tsy maintsy hananantsika izany raha tiantsika ny hifanasoa, hikatsaka ny soa iombonana, io no mitondra antsika amin'ny fiombonana tanteraka ao amin'i Jesoa. Izany no mahatonga antsika hanana ny fivoarana marina tokoa. Amin'ny alalan'ny fikatsahana ny soa iombonana izay no hahazoantsika tokoa ny tena fiadanana, ny tena fahasambarana ary ny tena fivoarana maharitra izay tiantsika satria tsapa fa lavitra an'izany tokoa isika.
Efa manakaiky ny famaranana ny fijanonana fahatelo (troisième session) amin'ny Sinaody faha-7 ataontsika izay mahakasika ny ara-sôsialy, ny fifandraisana amin'ny hafa hitondra antsika hametraka rafi-pivelomana fa tsy sanatria rafi-pahafatesana. Raha tiantsika ho tanteraka izay faniriantsika izay dia isika EOV no hifanasoa sy hifampitsimbina, hikatsaka ny soa iombonana ary tsy maintsy mahafoy. Anisan'ny toe-panahy amin'ny ezaka mameno siny rahateo io fahafoizana io. Ny fahafoizana no ahafahantsika mifampitraotra ary mifampihaino.
Tsy ho tanteraka izany vina sy ezaka ataontsika izany, fandraisana an-tanana no hamintinana azy, raha tsy misy ny fahafoizana. Naverimberintsika matetika izany fa amin'izao Alahady faha-23 izao dia hamafisana eto fa tsy ho tanteraka tokoa ny Eglizy Olo velomin'ny Batemy miombona, miara-dia, mandray an-tanana raha tsy misy fanetren-tena, raha tsy misy fahafoizana. Io no tian'ny Mpanoratra ny Bokin'ny Fahendrena ambara ao amin'ny vakiteny voalohany *(Fah. 9,1318).*
Ny tena fahendrena dia ny mahatakatra ny sitrapon'Andriamanitra izany hoe mahafoy : miala amin'ny sitrapon'ny tena, amin'ny fitiavan-tena, amin'ny avonavona sy ny fialonana, ireo no mahatonga ny herisetra sy ny korontana isan-karazany. Raha mahafoy isika araka ny fampianaran'ny bokin'ny fahendrena dia izay ny fahendren'Andriamanitra ary ambaran'i Jesoa satria tsy nanao kobaka am- bava izy raha nampianatra an'izany fa ny fiainany manontolo no manambara fahafoizana.
Izany koa no maha Kristianina antsika ka aoka àry ry Kristianina havana, hiombona bebe kokoa amin'i Kristy isika ka hiala amin'ireny fitiavan-tena ireny, hahafoy isika izany hoe hahafoy ireo harena tsy mifanaraka amin'ny fahendren'Andriamanitra. I Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa *(Filem. 9b-10. 12-17)* dia mampianatra an'i Filemona. Tena tiany tokoa i Onezimo, nanasoa azy izy tamin'ny fikarakarana rehetra kanefa noho izany fahafoizana izany no lalam-piainan'ny mpianatr'i Kristy dia nahafoy an'i Onezimo izy ary nasainy niverina any amin'i Filemona i Onezimo satria araka ny fantatsika dia andevon'i Filemona taloha i Onezimo, ka hoy i Md Paoly nananatra an'i Filemona aoka mba ho toy ny rahalahy fa tsy andevo intsony.
Izay tokoa no vokatry ny fahafoizana ry Kristianina havana, mpirahalahy isika, mpianakavy ao amin'i Kristy araka ny hira ataontsika. Zary Fratelli Tutti, Mpiray Tampo tokoa isika ka manorina Fianakaviamben'Andriamanitra zary Olo Araiky isika Jiaby raha mivelona ny fahafoizana. Tsy ho tanteraka anefa io fahafoizana raha tsy miala amin'ny fitiavan-tena. Mitaky fanetren-tena sy halemem-panahy ary fahamarinana ny fahafoizana. Izany no antitranterin'i Jesoa amintsika ao amin'ny Evanjely *(Lk. 14, 25-33)* izay dinihintsika izao :

Raha te-hanaradia azy sy te-hanatona azy dia tsy maintsy hametraka azy ambonin'ny zavatra rehetra. Ny fametrahana azy amin’ny voalohan-toerana no fahafoizana tadiavin'i Jesoa. Izy no harena voalohany ka amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy no hitiavana ny zavatra rehetra sy izay manodidina antsika. Izay ny dikan'ny hoe "mankahalà ny ray aman-dreninao, ny rahalahy sy anabavinao". Tsy hoe hanapotika, hamono azy ireo isika sanatria fa ny tadiavin'i Jesoa dia mba ho izy no voalohan-toerana ka amin'ny alalany sy miaraka aminy no hitiavana an'ireo havantsika rehetra ireo.
Izany tokoa  no ho tanteraka amintsika raha izy no ivom-piainantsika sy eo anivon’ny fiainantsika ka amin'izay dia hiadam- pinaritra isika, izy no atao safidy voalohany. Ilaina àry izany ny handinihantsika alohan'ny hiroso amin'ny zavatra atao ary ampianariny antsika izany, mba ho afaka hahafoy tanteraka mba hahay handinika ny fiainantsika. Izany hoe mba hahomby amin'ny ataontsika isika dia aoka handinika tsara tahaka an'ireo handeha hiady, atao izay hifanarahana, tahaka an'ireo hanorina trano avo, manontany tena ho vitako ve sa tsy ho vitako?
Ny tian'i Jesoa ambara dia ilay fitenintsika matetika hoe "Ady sady dia ny fiainana".
Ady amin'ny fakam-panahy fa indrindra amin'ny fitiavan-tena izay fantatsika fa fanilikilihana no vokany ary raha manilikilika dia ao anatin'ny herisetra sy fanapotehana. Rehefa izany no manjaka dia korontana lalandava ny fiainana ka aleo mandinika tsara alohan'ny hanatanteraka an'izao sy izao. Ary ny tena loza raha mikasika ny maha izy ny tena izany “identité” no voakasika dia miteraka korontana anaty satria ny kôsiansy no voadona. Izany no mahatonga ny sasany mamono eritreritra amin’ny zavatra ety ivelany toa ny toaka na ny zava-mahadomelina sns…
Ny fahafoizana dia tsy maintsy misy zavatra miala eo amin'ny fiainana ka izay zavatra afoy izay no mampaharary indraindray ary izay no atao hoe sedra, fijaliana hoy i Jesoa, ka na manao ahoana na manao ahoana dia tsy maintsy maharary  ny fahafoizana ka mila ho dinihana tsara. Izany no mahatonga an'i Jesoa milaza amintsika hoe na iza na iza aminareo tsy hahafoy izay rehetra ananany dia tsy mety ho mpianatro. Izay no tsy maintsy ho tanterahintsika amin'ny fiainantsika, ny fahafoizana sy halemem- panahy no varavarana ety izay nantitraterintsika nandritra ireo Alahady telo lasa izay, tsy maintsy miditra amin'ny varavarana ety, varavarana tery izay te-ho anisan'ny fianakaviamben'Andriamanitra.
Afaka hiditra amin'izany isika raha manana halemem-panahy  sy fanetren-tena izay manambara fahafoizana, izany hoe tsy mifikitra amin'ny tenantsika fa mahafoy ho an'ny namana izay no làlana nofidin'i Kristy ary dia izay koa ny lalantsika mianakavy. Manana modely isika eto dia ireo hambaran’ny Eglizy ho Olomasina androany dia Carlo Acutis, sy Pier Goergio Frassati. Atolotra manokana ho an’ny tanora amin’izao vanim-potoana izao izay betsaka ny zavatra mifangaro ka maro ny very fanahy mbola velona, very “repères”. Mila mahita ny tena izy amin’ny fiainana, ny tena fototra ny fiainana. Indro atolotr’ireto tanora NAHAFOY ireto ny lalana dia i Jesoa…
Raha te ho mpianatr'i Kristy isika aoka ho vonona handao ny zavatra tsy foy ary dia ho vonona hitondra ny hazo fijaliana miaraka amin'i Kristy izay manambara an'izany fahafoizana izany. Tsy vitantsika samirery tokoa izany ka mila ny herin'Andriamanitra isika. Amin'izao Alahady izao àry aoka isika hiaraka hivavaka mba hahafoy tena tokoa isika tahaka an-dry Carlo Acutis sy Pier George Frassati. Hivavaka ho an'ireo mpitondra antsika mba

hahafoy, tsy hanjaka ao aminy ny fitiavan-tena fa izany no manapotika antsika rehetra amin'izao satria manankarena isika saingy harena angonin'olombitsy fotsiny ka tsy mahasoa ny besinimaro ka hangataka àry isika mba hibebaka ka hiova ka hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana hitarika ny olona hifampitsimbina sy hifanasoa. Hanao ho tarigetra ny hoe : "harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an'ny be sy ny maro"…
Ry Kristy zokinay ô, nanome anay ohatra velona ianao ary ampianarin'ny fahendrenao izahay hanorina ny fanjakanao ao anatin'ny fanetren-tena sy halemem-panahy anatin'ny fahamarinana, koa ampianaro izahay hahafoy. Izay fanjakana aorinao eto aminay izay no fanjakana tianay hiorina eto aminay koa, hiarahanay manorina miaraka aminao anatin'ny fifankatiavana vokatry ny halemem-panahy, fanetren-tena, fahafoizana ka amin'izay izahay dia ho fianakaviana araiky aminao, ho olo araiky aminao ka hahazo ny tena fiadanana sy ny fandriam-pahalemana ao anatin'ny fiadanana marina sy ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny. Masina Maria Reny ampianaro izahay hahafoy mandrakariva ka handresy ny fitiavan-tena. Md Josefa Ray Mpiaro an'i Jesoa niasa mafy namelona ny ankohonanao ianao sady nanampy ny hafa, ankininay aminao ireo Raim-pianakaviana maro tsy an'asa sahirana mikarakara ny fianakaviany fa indrindra mialoha an'izao fidiran'ny mpianatra izao. Matoky ny vavakao izahay. Ry Fianakaviana Masina tao Nazareta tantano ny ezaka rehetra ataonay amin'izao volana ivavahana manokana ho an'ny zava-boary izao sady hiarovana azy izao. Amen
Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson